TRATRY NY TAONA – BONNE ANNÉE – HAPPY NEW YEAR **2011**

# TAHIRY

SERASERAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA

**Bulletin mensuel d'information et de liaison de la Direction Générale du Trésor**

Numéro : 03

TRESOR PUBLIC – TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA

Janvier 2011

## TAONA VAOVAO : Ho toe-tsaina vaovao amin'ny fitantanana ny vola sy ny harem-bahoaka

Amin'izao fahatongavan'ny taona 2011 izao dia tsy voaisa ny taratasy firarian-tsoa voaray eto anivon'ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana. Namana, mpiara-miasa, mpiara-miombona antoka na avy eto an-toerana na avy any ivelany, eny hatramin'ireo mpanjifa isan-karazany dia samy miarahaba noho ny fahatratrarana izao taona vaovao izao no sady mirary soa sy fahombiazana eo amin'ny fanatanterahana ny asa mandritra ny 12 volana ho avy. Mari-pitiavana sy fitokisana ny Tahirim-bolam-panjakana ireny ary tsy misy hohavahana tahaka ny ketsa na hosoritana tahaka ny volo fa dia ankasitrahana sy isaorana eram-po erantsaina avokoa. Tsy handraraka ilo mby an-doha ny Tahirim-bolam-panjakana eo anatrehan'izany ary manome toky fa hiezaka hatrany hijery sy hanao ny tsara indrindra eo amin'ny ezaka fanatsarana ny kalitaon'ny asa sy ny kaontim-panjakana ary fanadiovana ny fitantanana sy fiarovana ny volam-bahoaka.

### Olana tsy mbola voavaha

Be no efa natao sy vita saingy mbola asa goavana sy mankadiry no miandry amin'ny fanatanterahana izany tanjona izany. Na eo aza ny finiavana sy ny fahavononan'ny Tahirim-bolam-panjakana dia tsy hahefa irery izy fa mila hatrany ny fanohanan'ny olompirenena tsirairay, ny mpitondra sy ny vahoaka, indrindra ireo rehetra izay efa tonga saina sy mahatsapa fa matoa mbola mahantra ny Firenena 50 taona aty aorian'ny nahazoana ny fahaleovan-tena, na dia eo aza ireo harena voajanahary maro be misy eo aminy, dia noho ny olana tsy mbola voavaha eo amin'ny kolon-tsaina sy ny toe-tsaina nentina nitantana ny vola sy ny harem-bahoaka. Ny tombontsoa manokana no zary nokatsahana alohan'ny tombontsoa iombonana raha ny mifamadika amin'izay no tokony ho izy. Azo nitarafana izany avokoa ireny tranga fahita sy fandre hatramin'ny taona maro ireny toy ny kolikoly amin'ny fanomezana tsenam-panjakana, ny fanaovana «surfacturation», ny fampandoavana vola ny fanjakana tsy misy asa vita akory na vita ihany fa tsy manara-penitra, ny fampifangaroana ny raharaham-panjakana sy ny raharahan'ny tena na ny orinasan'ny tena, ny fametrahana namananamana na mpanao politika any amin'ny fitantanana ny orinasam-panjakana na dia efa voafaritry ny didy aman-dalàna aza ny fepetra sy ny rafitra fiandraketana an'izany, ny fanondikodinana ny volam-bahoaka sy ny harena voajanahary amin'ny endriny maro samihafa. Tsy mahagaga koa raha mafotaka



matetika ny ady seza ary tsy ijerena izay tombontsoan'ny Firenena sy ny vahoaka mihitsy indraindray.

### Miray hina sy vonona ny mpiasan'ny Tahirim-bolam-panjakana

Ho diso hevitra ihany anefa izay rehetra mbola mieritreritra ny hanao tantely afa-drakotra ny vola sy ny fananam-bahoaka toy izany satria efa natomboka teto anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana ary hitohy sy hihamafy ny fanoherana ny toe-javatra toy ireny. Miray hina sy vonona tanteraka ny mpiasa rehetra hisedra izany ady izany ary efa noporofoina sy naseho matetika izany nandritra iny taona 2010 vao nivalona iny. Kitro hifaharana amin'ny fitantanana ny volam-bahoaka ny Tahirim-bolam-panjakana ka tsy maintsy mijoro ho lohalaharana amin'ny fiarovana izany vola sy harem-bahoaka izany. Andraikitra feno omen'ny didy aman-dalana azy rahateo izany.

*Tohiny Pejy 2*

## SOMMAIRE

**Ny Trésor sy ny tantarany** P.3

**Akon'ny taombaovao :** Firariantsoan'ny mpiasa P.4-5

**Akon'ny taombaovao tany amin'ny faritra** P.6

**Receveur Général d'Antananarivo :** Hitondra fanatsarana sy zava-baovao maro P.7

**Rakotonirainy Jean Pascal :** Mila traikefa be ny asan'ny Payeur Général P.8

**Budget de Programme :** Hampiharina manomboka amin'ity taona 2011 ity p.9

**AFIT :** Nanampy ireo ankizy ao amin'ny « Centre Fihavanana » P.9

**l'Intranet :** Un outil de travail des agents de la Direction de la Comptabilité Publique P.10

**Trésorerie Générale Maevatanana:** Hofefena P.11

**Trésorerie Générale Antsohihy :** Mila fanitsiana ny fomba fitantanana P.11

**Perception Principale Ambilobe :** Tsy ampy fitaovana P.12

**Trésorerie Principale Nosy Be :** Misy ny indro kely P.13

Répertoire **« FLOTTE TELMA »** de la Direction Générale du Trésor P.13-14

**Quatrième rencontre annuelle de l'Association Internationale des Services du Trésor à Ljubljana** P.15

## Fiarahabana ny Tale jeneraly : Tontosa an-kafaliana Pejy 3



## RGA-PGA : Famindram-pahefana roa sosona Pejy 7



# TAONA VAOVAO : Ho toe-tsaina vaovao amin'ny fitantanana ny vola sy ny harem-bahoaka (Tohiny)

Tsy hihambo hahavita irery anefa ny Tahirim-bolam-panjakana amin'izany satria mahakasika ny rehetra izy ity ary mila ny fifanampian'ny rehetra araka ny voalaza etsy ambony. Mila fahatsapan-tenan'ny tsirairay, na mpitondra na entina, mila fahatsapana ny olana sy ny vokadratsiny, ary izay ihany no antoka hahafahana manova ny toe-tsaina. Mila manamafy ny fanaraha-maso ny fidirana sy ny fivoahan'ny volam-bahoaka izay tokony hangarahara tanteraka. Mila fahasahiana sy fahavononana hijoro satria betsaka ny fampitahorana sy ny antsojay ataon'ireo very fihinanana ireo. Mila ny fiarovan'ny mpitondra. Mila fanavaozana ny didy aman-dalàna misy satria betsaka ny lesoka sy tsy ampy, indrindra eo amin'ny sehatra fanaraha-maso ny fitantanana ny volam-bahoaka sy ny fananam-bahoaka ary ireny lesoka ireny mihitsy no lasa varavarana fidiran'ny fanodinkodinana samihafa. Farany nefa tsy ny kely indrindra dia mila ny fifanomezan-tanan'ny mpiray antoka toy izay efa misy eo amin'ny Tahirim-bolam-panjakana sy ny Bianco ary ny Samifin, ary tokony hivelatra eny amin'ny sampana hafa toy ny IGE, ny ARMP, ny «Contrôle financier» ny Fitsarana sy ny mpitandro ny filaminana, sns.

**Toe-tsaina sy fomba fitantanana vaovao**

Azo atao tsara izany rehetra izany ary tsy miandry ela ny vokatra. Voaporofo izany nandritra ity krizy farany ity. Nihantona ny ankabeazan'ny fanampiana avy any ivelany ary voatery niantehatra tamin'ny herin'ny tenany i Madagasikara na dia nihena koa aza ny vola niditra teto anatiny noho ny toe-draharaha iraisam-pirenena sy teto an-toerana. Niteraka toe-tsaina sy fomba fitantanana vaovao ho azy izany satria tsy maintsy nokajiana izay teo ampelatanana mba tsy haharendrika ny Firenena sy hanamaivanana araka izay tratra ny fahasahiranan'ny vahoaka. Lohalaharana tamin'izany ezaka izany ny teto amin'ny Tahirim-bolam-panjakana izay kitro nifaharana tamin'ny fitadiavana ny loharanom-bola nentina namenoana ny banga rehetra tamin'ny fampandehanana ny raharaha ilain'ny vahoaka andavanandro sy famatsiana ny « investissements ». Tsotra ny tetika tamin'izany nefa ny fanatanterahana azy kosa dia nitaky fahavononana, firaisan-kina, fahaiza-manao, ary toe-tsaina vaovao.

Nangatahana ary notohanana hatrany am-boalohany ny politikan'ny fitsitsiana izay takian'ny toe-draharaha misy. Nokajiana ny teo am-pelatanana mba ho laharam-pahamehana ny fandaniana misy fiantraikany eny amin'ny fiainam-bahoaka sy ny toe-karena. Noferana ny fampiasana ny «comptes de depot» izay niroborobo tao anatin'ny 10 taona farany teny anivon'ny Ministera samihafa satria dia fomba iray io ahafahana manodina ny lalan'ny vola noho izy tsy manaraka ny fepetra amin'ny fandaniana ny volam-panjakana sy noho izy tsy mandalo fanaraha-mason'ny Tahirim-bolam-panjakana. Natao hentitra ny fanaraha-maso ireo fandaniana ny volam-panjakana rehetra nandalo teto amin'ny Tahirim-bolam-panjakana. Nofehezina ny fitantanana ny trosam-panjakana mba ho voaloa amin'ny fotoanany avokoa izay tokony aloa ary natao izay fifampiraharahana fanafoanana na fanalefahana trosa azo natao (Rosia sy Iràka). Nofehezina ihany koa ny tsenan'ny BTA na teo amin'ny fivoaran'ny tahan'ny zanabola na teo amin'ny fitantanana ny renitrosa na ilay atao hoe «encours». Ankoatr'izany dia natao izay fomba rehetra tsy nampiasana famatsiam-bola mety hisy fiantraikany eo amin'ny fidangan'ny vidim-piainana. Natao laharam-pahamehana ny fandoavana ny karama sy ny fisotroan-dronono ary ny vidin-tsolika mba tsy hisian'ny fanohintohinana eo amin'ny fiainana andavanandron'ny olona sy ny famatsiana solika. Farany nohamafisina ny fiarovana ny volam-bahoaka tamin'ny lafiny rehetra : fitehirizana, fitaterana, fikajiana sy fepetra fampidirana sy famoahana azy.

Nahafahana nifehy ny toe-draharaha izay tena sarotra dia sarotra tokoa ireny fepetra sy asa rehetra ireny. Matoa tsy rendrika ny Firenena teo amin'ny lafiny ara-bola sy ny ara-toe-karena 2 taona taty aorian'ny niandohan'ny krizy dia tsy azo hodian-tsy hita fa anisan'ny fototra nahatongavana tamin'izany ny ezaka vita teto amin'ny Tahirim-bolam-panjakana. Mendrika ankasitrahana ny mpiasa miisa 1 400 ao aminy ary deraina manokana izy ireo tamin'ny fahaiza-manao matihanina sy ny fahavononana ary ny firaisan-kina nasehony. Tsy mora fa tena navesatra ny andraikitra niantsorohana ary sarotra ny nijoro nanatanteraka ireny rehetra ireny satria dia fanenjehana isan-karazany, fanaratsiana, fampihorohoroana tamin'ny endriny maro no nosedraina tamin'izany. Maro ny mpifanerasera amin'ny Tahirim-bolam-panjakana no mahafantatra fa misy mihitsy ny mpiasa sy tompon'andraikitra sasany nahazo aretina sy nitondra takaitra noho izany. Ny olana arateknika namaky saina moa dia saika isan'andro no nisy ary tsy maintsy novahana. Natetika tamin'izy ireny ny fikarohana loharanom-bola hamatsiana ny banga amin'ny vola miditra sy mivoaka sy ny banga tsy maintsy tsentsenana isaky ny tsy mahasarona ny BTA trosa tokony aloa ny BTA lafo.

Tsy maintsy mbola mijoro ary mbola vonona ny Tahirim-bolam-panjakana hanohy izany ezaka izany satria mbola tsy tapitra ny krizy. Ny tanjona ary irariana indrindra dia ny mba hitazonana hatrany izany fomba fitantanana napetraka izany na dia aorian'ny krizy aza. Amin'izay dia mba ho lasa toe-tsaina, eny kolon-tsaina mihitsy izany fa tsy sanatria hiverina amin'ny fomba taloha indray. Ary rehefa miverina ny famatsiam-bola sy ny fanampiana avy any ivelany dia tena mba ho fanoitra hahafahan'ny Firenena manatevina ny fampiasam-bola hamokarana izy ireny ary hahazoana manatanteraka ny fampientanana ny toe-karena na ny «relance économique» tena izy. Izany no firarian-tsoa tsara indrindra atolotry ny Tahirim-bolam-panjakana ho an'ny rehetra tsy an-kanavaka noho ny fahatongavan'izao taona vaovao izao.

*Mahereza daholo !*

▲ **ROBIMANANA**
**Rivomanantsoa Orlando**
*Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana*

## Hafatry ny filohan'ny APPFM



Ry namana mpikambana rehetra ato amin'ny «Association des Percepteurs Principaux des Finances de Madagascar» (A.P.P.F.M.), na «chef de poste» na tsia.

Misaotra an'Andriamanitra mandrakariva isika fa notahiany ka nahatratra soa aman-tsara ny taona vaovao 2011. Betsaka ny zavatra natrehan'ny tsirairay tamin'ny taona lasa iny, maro koa ny adidy miandry antsika tsirairay amin'ity taona vao miandoha ity. Adidy mafy sy sarotra ary masina anefa no iantsorohantsika rehetra, koa dia manentana antsika hanao ny tsaratsara kokoa noho izay lasa izay fa miandry antsika P.P.F ity firenena ity. Ary tsy hanao fe hanao fotsiny fa hanao izany asa izany ampahamarinana sy am-pahamalinana mandrakariva.

Aty am-piandohan'ny taona dia efa mampahatsiahy sahady ny tenanay ny mba hiomanantsika rehetra hamonjy ny fivoriambe ara-potoana voalohany ny volana jolay 2011 araka ny efa mahazatra. Ampitaina amintsika miandalana ny vaovao izay mahaliana antsika rehetra fa ny birao foibe dia tsy mikely soroka fa manao izay azo atao tokoa ny amin'izany.

Eto am-pamaranana, arahabaina isika mpikambana rehetra manerana ny nosy nahatratra ny taona vaovao 2011. Andriamanitra anie homba sy hitahy antsika mandrakariva mandritra ity taona ity ; ka samy hahatontosa antsakany sy andavany ny adidyt sy andraikitra napetraka amintsikla. Mahereza fa ny adidy tsy an'olon-dratsy.

▲ **Gabriel ROBENA**

TSIAHY

# Ny Trésor malagasy sy ny tantarany

Fizarana 4

Niezaka ny fitondrana frantsay tamin'ny fanapariahana ny sampan-draharahan'ny Trésor manerana ny Nosy nandritra ny vanim-potoanan'ny Fanjanahantany. Ny Trésor rahateo no anisan'ireo tsy maintsy naparitaka satria midadasika sady malalaka i Madagasikara. « Paieries » no anarana niantsoana ny sampan'ny Tahirim-bolam-panjakana.

Ireo «Paieries» dia nosokajiana araka ny vesatry ny asa aman'andraikitr'izy ireo tsirairay avy. Ny «Paierie» teto Antananarivo no noraisina ho sokajy voalohany tamin'ny volana May 1955.

Manoloana izany fanapariahana izany dia tsy maintsy nisy ny fanofanana mpiasa afaka hisahana ny andraikitra teto amin'ny Trésor. Tsinjon'ireo mpitondra Frantsay fa tsy maintsy manomana olona hisolo azy izy ireo. Tamin'ny taona 1956 dia nisy ireo teratany malagasy nalefa niofana tany amin'ny «Ecole Nationale des Services du Trésor» tany Paris, izay niomana sahady tamin'ny handraisan'ny Malagasy ny fitantanana ny Tahirim-bolam-panjakana Malagasy rehefa ho azo ny Fahaleovantena.

Ho hitantsika amin'ny Tahiry laharana manaraka ny fomba fiasa sy ny fiainana andavanandro ary ny trano fonenan'ireo vazaha «Trésoriers Payeurs Généraux» teto Madagasikara.



Ireo mpiasa Malagasy tao amin'ny Paierie Générale d'Antananarivo tamin'ny taona 1956

**Rivolala RANDRIANARIFIDY,**
Sary : ANTA

AKON'NY TAOMBAOVAO

## FIARAHABANA NY TALE JENERALY : Tontosa an-kafaliana

An-kafaliana sy tao anatin'ny firahalahiana tanteraka no nanatanterahana ny fifampiarahabana tratry ny taona teto anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana tamin'ny Alatsinainy 03 Janoary lasa teo. Feno hipoka tanteraka ny birao sy ny lavarangana ary ny lalantsara, nandritra ny fifampiarahaban' ny solon-tenan'ny mpiasa nihaona tamin'ny Tale Jeneraly sy ireo tale ary ireo lehiben'ny sampan-draharaha rehetra.

Nandritra ny lahateniny dia niarahaba ny Tale Jeneraly tratry ny taona vaovao ny solontenan'ny mpiasa. Tsy nohadinoiny koa ny nanao jery todika iny taona 2010 nivalona iny. Nankasitrahan'ny mpiasa ny fomba fitantanana vaovao sy ny vokatra ary ny namoahana ny gazety TAHIRY izay mampita ny vaovao marim-pototra sy ny resaka sôsialy any amin'ny mpiasa rehetra manerana an'i Madagasikara, toy izany koa ny fanatsarana ny fomba fiasa sy ny fitsinjovana manokana ny tombontsoan'ny mpiasa. Nanamafy ny mpiasa fa vonona tanteraka ny hiara-miasa amin'ny solontenan'ny Tale Jeneraly any amin'ny sampan-draharaha rehetra. Vonona ny mpiasa hanatsara ny asa sy ny firosoana amin'ny tsaratsara kokoa hatrany.

Namaly koa Atoa Orlando Robimanana, Tale Jeneraly, ary nisaotra ny mpiasa noho ny fahatongavan'izy ireo marobe. Nanambara izy fa maro ny vita nandritra ny taona 2010. Betsaka koa anefa ny mbola tsy vita ka tokony hatao. Nilaza izy fa tsy kisendrasendra akory izany fa tafiditra indrindra ao anaty fandaharan'asa mazava tsy maintsy hotohizana amin'ity taona 2011 ity. Tafiditra ao anatin'izany ny fanatsarana ny kalitao, ny fanatsarana ny fitadiavam-bola sy ny fanarahamaso ary ny fiarovana ny volam-panjakana sy ny mpiasa. Maromaro ihany ny fomba hanatanterahana izany toy ny fametrahana rafitra momba ny serasera sy ny fifandraisana. Nivoaka tamin'iny taona 2010 iny ny gazety TAHIRY, nanaraka



izany ny tambazotra anatiny na ny «intranet» eo anivon'ny fitanan-kaontim-panjakana na ny DCP. Nahazo tambazotram-pifandraisana na «flotte» ny Tahirim-bolam-panjakana ka afaka mifandray amin'ny finday ny «postes comptables» sy ny lehiben'ny sampan-draharaha sy ny tale rehetra ato amin'ny Foibem-pitondrana. Nomarihan'ny Tale Jeneraly ihany koa ny fitsinjarana ara-drariny ny tetibola sy ny fitaovana ary ny mpiasa eto amin'ny Tahirim-bolam-panjakana, na ny antsoina hoe « rationalisation de la gestion des ressources » Tsy adinony ny nampahatsiahy ny fanovana ny rafitra toy ny fametrahana ny «Bureau d'Appui». Fanamby goavana hoy izy ny hametrahana ny «trésorerie ministérielle» amin'ity taona 2011 ity sy ny fanadiovana ny kaonty manokana ato amin'ny Tahirim-bolam-panjakana. Ho famaranana ny lahateniny dia nanambara Atoa Tale Jeneraly fa nampiseho ny maha-matihanina azy ny mpiasa ka tsy nanaiky ho voazarazaran'ny hevitra pôlitika. Nisy sy nanjaka tanteraka ny firahalahiana sy ny firaisan-kina izay tokony hihamafy kokoa amin'ity taona vaovao 2011 ity.

**Rivolala RANDRIANARIFIDY**

AKON'NY TAOMBAOVAO

# Firariantsoan'ny Mpiasa

**Zafinibao Estherine Yvonnette Ben Ybe**

*Trésor Fénérive-Est*



*Nous présentons à chacun d'entre vous et du fond du cœur une année pleine de succès et de bonheur. Que le créateur soit avec nous tous.*

**BETSIFIRY Haja Andriamahazonoro**

*TG Taolagnaro*



*Faly miarahaba antsikan'aby riaha tratry gny taona 2011. Loniky mba hahatratry gny taona mitsingeringery aby isika mpiara-miasa*

**ANDRIANASOLO Harinisa Lucienne**

*TG Fianarantsoa*



*Manolotra ny firariantsoa ho an'Atoa Tale Jeneraly sy ireo mpiara-miasa rehetra eto anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana izahay aty amin'ny Trésorerie Générale de Fianarantsoa. Ho taom-pahombiazana ho antsika rehetra ity taona vaovao 2011 ity. Ny tso-dranon'ilay Ray ao ambony anie homba antsika mandrakariva.*

*Mahereza daholo.*

**Louis de Gonzague Andriamosara RAKOTOMANGA**

*TG Mahajanga*



*Arahabaina isika rehetra mpiasan'ny Tahirim-bolam-panjakana malagasy tratry ny asaramanitra 2011.*

*Ho taona zina amin'ny lafiny rehetra anie ity taona vaovao ity*

**Rasoavololona Haingo Philbertine**

*TG Ihosy*



*Tsy manahy da anareo koa, tratry ny Tao aby ry lahy; Lonoky hana ny fahasalama tanteraky aby atsika longon'ny MFB, da hinday soa antsika ny Tao vaovao.*

*Da mirary soa ho an'ny vahoaky malagasy aby.*

**Christian RAJAONA Andrianantenaina**

*SAF*



*Mirary soa ho antsika mpiara-miasa rehetra eto anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana. Ho taom-pahombiazana ho antsika anie ity taona 2011 ity, ary mba hiverina amin'ny toerany amin'izay ny hasina tokony hananan'ny mpiasan'ny Tahirim-bolam-panjakana*

**Onja RAHARIVOLOLONA**

*DGT*



*Enga anie ity taona 2011 ity hitondra soa sy fahombiazana ho antsika mpiara-miasa rehetra. Mba hazoto hiasa tsara daholo ary hahavita bebe kokoa noho ny tamin'ny taon-dasa isika rehetra e !*

**Joé Gaby RAVELOARISON**

*SAF*



*Mirary taom-baovao feno fahasalamana sy fahombiazana ho antsika rehetra. Enga anie ho taona fiovana amin'ny tsaratsara kokoa eo amin'ny sehatry ny asa ho antsika mpiara-miasa rehetra ity taona 2011 ity.*

**Josiane RANAIVO**

*PGA*



*Misaotra an'Andriamanitra lehibe ny tenako noho ny fahatrarana ity taona 2011 ity. Mirary soa ho an'ireo mpitondra isan-tokony, ny mpiara-miasa ombam-bady aman-janaka eto amin'ny Tahirim-bolam-panjakana mba samy hahita fahombiazana, fifaliana eo am-panatanterahana ny asa. Mirary soa ny ho an'ny Firenena koa ho tojo amin'ny tanjona iriny mba hiadanan'ny vahoaka malagasy rehetra.*

**Christian RAMAMONJISOA**

*DGT*


*Faly dia faly tokoa ny tenako*



*noho ny fahavitan'ny fanavaozana ny tranon'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola eto Antaninarenina izao satria tsy nisy mihitsy ny fanatsarana natao taona maro lasa izay. Antenaiko fa hihatsara tahaka ny fanatsarana vita ihany koa ny fomba fiasan'ny mpiasa rehetra.*

**Mihanta Liantsoa RAKOTONDRAZAFY**

*DCP*



*Que vous souhaiter de mieux, que « **Dans votre vie : la santé, dans vos affaires la prospérité, et beaucoup d'amour tout au long de cette Nouvelle Année** ».*

*Tohiny pejy 5*

AKON'NY TAOMBAOVAO

# Firariantsoan'ny Mpiasa (Tohiny)

**Domoina RANDRIAMIHAJA**
sy **Mireille RASATANOMENJANAHARY**
*RGA*



*Mbola mirary soa sy fahombiazana ho antsika rehetra amin'izao asaramanitra izao. Samy ho tahian'Andriamanitra amin'ny asa atao avokoa. Ho soa ary ho tonga lafatra hatrany anie ny fiaraha-miasa amin-dRamatoa Receveur Général d'Antananarivo vaovao !*

**Patrick RASAMIMANANA**
*DGT*



*Ny fahamatorana sy ny hatsaran'ny fifampitondran'ny mpitantana sy ny mpiasan'ny Tahirim-bolam-panjakana manerana ny Nosy no iriko hitohy sy hihamafy amin'ity taom-baovao diavintsika ity. Hampandeha tsara ny asa iandraketan'ny mpiasa tsirairay sy hampandrosoana bebe kokoa ny Minisitera no tanjona amin'izany*

**RAMIZAHASOA**
*DDP*



*Mirary soa ho an'ny mpitondra Fanjakana indrindra ny eto amin'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy Teti-bola amin'ity taom-baovao ity. Enga anie ka hisy amin'izay ny fandraisana ny zanaky ny mpiasa indrindra ny zanak'ireo handeha hisotro ronono. Mba hivoaka amin'ity taona ity ny « décret » mikasika ny fisotroan-dronono ho 62 taona*

**ASGAR**
*Bureau d'Appui*



*Ilay Andriamanitra manan-karem-pahasoavana anie homba antsika mpiasan'ny Tahirim-bolam-panjakana manerana ny Nosy. Tsy adinoko koa ny manamafy ny firarian-tsoa ho an'ny Malagasy rehetra*

▲ **Nangonin'i Yves RAKOTO**

## TONONKALO

Voninahitra ho any amin'ny avo
Asandratra ho an'Andriamanitra
Ilay nitantana mba tsy ho lavo
Ka tojo ity Asaramanitra

Ilay Andrian'ny fiadanana
Sady Tompo mahery Tsitoha
Kapiteny izay nitari-dàlana
Am-pitiavana sy famindrampo

Koa arahaba no atolotra antsika
Velon'aina ka tra-pamonjena
Novimbinina re ka tafita
Ka nandrombaka ny fandresena

Ny taona lasa niaraha-nahita
Fa làlan-tsarotra ny tetezamita
Nefa tsy sampona izaho sy hianao
Ka tratra ny taona vaovao

Misy namana efa nikasa
Sy niomana fatratra ery
Nefa indrisy fa maro no lasa
Nodimandry ary ankoatra ary

Izaho sy hianao dia mbola navahana
Hanohy indray ny fihazakazahana
Hitantana ny Tahirim-bolam-panjakana
Madiodio tsy misy fanambakana

Samia manao tomban'ezaka
Ahitana ny dingana vita
Izay miasa manao antandrevaka
Na miafina aza misy mahita

Ny trangan-javatra mampahonena
Zava-misy ny tsindry hazo lena
Endrikendrika no idirana am-ponja
Maharendrika toy ny rano manonja

Aoka àry mba handini-tena
Ho amin'ny fanavaozana ny saina
Hiasa tsara ho an'ny firenena
Ka hamokatra ny fikelezan'aina

O! ry namana mpiara-miasa
Mandria eo ivohon'ny vato
Banjino ny ho avy ,todiho ny lasa
Fa Andriamanitra mitsinjo tsy miato

Ankino Aminy ny andraikitrao
Fa Izy no mahalavorary izay atao
Raha tojo olana tena manahirana
Dia aza miala amin'ny fahamarinana

Enga anie ity taona vaovao
Ambin'Andriamanitra ho ahy sy ho anao
Hahatratra ny arivo taona
Samy tsara ho mandrapihaona



▲ **RAKOTONDRAMAVO Seth Justin**
*Caissier Trésor Public Toamasina*

AKON'NY TAOMBAOVAO TANY AMIN'NY FARITRA

# Morondava

Dia faly miarahaba antsika rehetra mpiara-miasa tapaka sy namana manerana ny Nosy nahatratra izao taona vaovao 2011 izao. Ho taom-pahombiazana ho antsika rehetra anie ity taona ity amin'ny lafiny maro. Raha ny taty Morondava manokana aloha no resahina dia nahafinaritra tokoa ny lanonana nanaovam-beloma ny taona 2010, satria niara-nifaly sy nikorana izahay mpiara-miasa tato amin'ny Trésorerie Générale Morondava. Nanjaka ny fifankatiavana sy ny firaisankina. Dia mampamangy amintsika iaby dia mazotoa amin'ny asa izay iandraiketana.

▲ **Fanomezantsoa José Nirina RAFELIARISAONA**



Ny afindrafindrao fanokafana

# Sambava



Fitsangatsanganana ombam-bady aman-janaka no nandraisan'ny Mpiasan'ny Trésorerie Générale Sambava ny taona vaovao 2011.

Narahina fiaraha-misakafo teny an-kalamanjana ny fihaonana ka nahafinaritra be satria ny lehibe faly nikorana ary ny ankizy nifaliavanja.

Ny masoandro mody no nampalahelo ka ny firarian'ny tsirairay dia ny hitohizan'ny fifankatiavana eo amin'ny samy mpiara-miasa.

# Taolagnaro

Niavaka raha samy fankalazana ny taom-baovao ny an'ny Trésor teto Taolagnaro satria sady naresaka no tena nafana ny lanonana ary naharitra maherin'ny dimy ambinifolo ora be izao. Natomboka tamin'ny famonoan'omby izany tamin'ny dimy ora latsaka fahefany maraina ka niarahan'ny vatan-dehilahy rehetra nisalahy. Niaka-tsehatra kosa ny vehivavy avy eo nikarakara sy nanomana ny nofon-kena mitam-pihavanana izay niaraha-nihinana tamin'ny iray ora tolakandro. Natomboka tamin'ny roa ora ny fandihizana sy ny fanaovana «karaoke» ka nandray anjara avokoa ny tsirairay. Nahasondriana ery ny nahita ny ankizy mitandahatra arahin'ny tanora sy ny olon-dehibe nianatra dihy mirindra ary nampihatra izany. Fa ny tena nampiavaka ny fety koa dia ny fanasana orkesitra iray malaza eto Taolagnaro nanafana ny lanonana nanomboka tamin'ny telo ora sy sasany tolakandro ka tsy nifarana raha tsy tamin'ny valo ora alina. Ny masoandro nody tokoa no nampalahelo ka ny firarian'ny Filoham-boninahitry ny sosialy dia ny hoe «mba hafana hatrany ny fiarahana ary hitondra fahasalamana sy fahombiazana ho an'ny tsirairay anie ity taom-baovao ity, indrindra amin'ny sehatry ny asa».



Ireo mpiasan'ny TG Taolagnaro

▲ **Feno Niaina RAZAFINOME**

SOSIALY

# Ireo nandeha nisotro ronono

## Mpiasa miisa telo teto anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana no nandeha nisotro ronono tamin'ity volana Janoary ity

- RABEMANANTSOA Emile, *Contrôleur du Trésor* tao amin'ny ACCPDC
- RAFILY Lucien, *Employé de service* tao amin'ny Perception Principale Vavatenina
- RAKOTOARISOA Edmond, *Employé d'Administration* tao amin'ny Perception Principale Faravohitra

*Ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana dia mankasitraka sy misaotra ary mitso-drano azy noho ny zava-bitany.*

ACTUALITÉS

# RGA-PGA : Tontosa ny famindram-pahefana roa sosona

Famindram-pahefana roa sosona no notanterahina tao amin'ny Paierie Générale d'Antananarivo sy ny Recette Générale d'Antananarivo tamin'ny Zoma 31 Desambra lasa teo.

Tontosa ny famindram-pahefana teo amin'Atoa Jean Pascal RAKOTONIRAINY, Payeur Général d'Antananarivo teo aloha sy Atoa Herivelo ANDRIAMANGA, Payeur Général vaovao.

Vita soa aman-tsara ihany koa ny famindram-pahefana teo amin'Atoa Herivelo ANDRIAMANGA, Receveur Général d'Antananarivo teo aloha sy Rtoa Micheline HERY MANANTENASOA, Receveur Général vaovao, izay voatendry handimby toerana azy.

Mialoha ny nanatanterahana ny famindram-pahefana dia tsy maintsy narahina ny fombafomba toy ny fanaraha-mason'ny avy ao amin'ny foiben-draharaha misahana manokana ny asa fanarahamaso eto anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana, na ny DBIV.



Lahatenin'Atoa Talen'ny Fitana Kaontim-panjakana mialohan'ny famindram-pahefana



Ny fanaraha-maso ny antontan-taratasy rehetra tao amin'ny RGA

Hafatra napetrak'Atoa Herivelo ANDRIAMANGA tamin'ireo mpiasa ny hanohizana ny ezaka rehetra efa natao amin'ny fanatsarana ny asa.

Nilaza kosa Rtoa Micheline HERY MANANTENASOA, Receveur Général vaovao fa tsy olombaovao akory izy fa efa « Fondé de Pouvoir » tato amin'ny Recette Générale ihany. Nanome toky ny mpiasa fa vonona hanohana azy hatrany amin'ny adidy mavesatra izay sahaniny.

▲ Rivolala RANDRIANARIFIDY

# Receveur Général d'Antananarivo
## Hitondra fanatsarana sy zava-baovao maro



***Tahiry :* Ahoana izany voatendry ho RGA izany Ramatoa Micheline Hery Manantenasoa ?**

***RGA :*** Anisan'ny tena nahafaly ahy sy ny mpiara-miasa amiko rehetra eny fa na dia ireo olona mifanerasera amiko ny fanendren'ny lehibe ahy hitantana ny Recette Générale d'Antananarivo nanomboka ny 31 Desambra 2010 taorian'ny naha « Fondé de Pouvoir » ahy. Eto aho dia manararaotra manantitra ny fisaorana sy fankasitrahana eram-po eran-tsaina ny mpitantana isan'ambaratongany eto amin'ny Tahirim-bolam-panjakana izay tarihin'Andriamatoa Tale jeneraly tamin'ny nametrahan'izy ireo ny fitokisana. Hiezaka hanao izay tratry ny heriko aho, hanohy sy hanatsara hatrany ny fomba fiasa efa nisy teto hatramin'izay ary indrindra indrindra amin'ny maha mpikaonty ny volam-panjakana ny tenako dia ny teny filamatra sy tsy miala ato an-tsaiko raha vao miditra ny toeram-piasako dia ny fanajana sy ny fitandroana toy ny anakandriamaso ny didy aman-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Azo lazaina ho hery lehibe sy famporisihana ho anay tanora ny fanomezana fisondrotana amin'ny asa toy izao satria ny fahasahiana mandray andrikitra no antoky ny fahombiazana

Matoa nisy izany fisondrotana izany dia inoana fa vokatry ny fahatsapan'ny lehibe ny ezaka nataon' ny tena nandritra ny taona maro, ny fanajana ny fitokisana izay napetraky ny lehibe ary ny fahatsapany ny fanananatraikefa sy fahaiza-manao matihanina tanteraka. Ankoatra izay dia voninahitra ho antsika vehivavy rehetra ny fahasahiana mijoro sy tsy miraviravy tanana, na dia mafy ny adidy miandry antsika na any antokantrano na any amin'ny fianakaviana kanefa tsy misy mafy tsy laitry ny zoto ary ny valala tsy azo raha tsy andriana ilika.

Koa dia mamporisika antsika vehivavy rehetra mpiara-miasa eto amin'ny Tahirim-bolam-panjakana ny tenako mba tsy ho mora kivy fa hiezaka hitraka hatrany na inona na inona zavatra sedraina satria ao anatin'ny mangidy no misy ny mamy.

***T :* Inona avy ireo programan'asanao na zava-baovao hoentinao hanatsarana ny Recette Générale eto Antananarivo ?**

***RGA :*** Ny fanohizana ny ezaka efa vitan'ireo Receveurs Généraux rehetra teo alohako no himasoako voalohany. Isaorako be dia be etoana izy ireo satria anisan'ny namolavola sy nampianatra ahy namindra ka nahatongavako amin'izao toerana izao. Manaraka izany dia hamafisina ny fampiasana ny informatika ho an'ireo asa rehetra mifandraika amin'ny kaontim-panjakana ka sahanin'ny Recette Générale d'Antananarivo, izay efa natomboka niaraka tamin'ny SIIGFP hatramin'ny 2005. Anisan'izany ny fampiasana ny informatika sy ny torohay ho an'ny fitantanana ny fitsinjarana ny « chèques carburants » izay marihina fa ny 80% dia

Tohiny pejy 8

ACTUALITÉS

# Receveur Général d'Antananarivo

## Hitondra fanatsarana sy zava-baovao maro (Tohiny)

sahanin'ity toeram-piasana ity avokoa. Eo koa ny fametrahana ny « informatisation » -n'ny « comptabilisation » -n'ny vola miditra amin'ny fanjakana izay mbola mila ezaka be dia be tokoa izay tokony hiarahana mametraka amin'ireo Régies d'Administration Financière izay miara-miasa akaiky aminay. Hohamafisina ny «informatisation»'ny fandoavana ny vola fisotroan-dronono any amin'ny Perceptions Principales miisa sivy eto an-drenivohitra izay miankina mivantana aminay. Ankoatra izay dia hatsaraina ny «logiciel» hitantanana ny « compte de dépôts et consignations » sy ny « informatisation »'ny fandoavana ny « ordre de paiements » izay avoakan'ny RGA.

Ny firosoana amin'ny « informatisation » -n'ireo sehatra ireo dia fanamby lehibe apetraka ho an'ity taona 2011 ity izay isaorana ny « cellule informatique » sy ny ekipa rehetra ao anatiny izay miara-miasa akaiky amin'ny Recette Générale d'Antananarivo.

Tsy adino ny manamafy ny fanofanana anatiny ho an'ireo mpiara-miasa rehetra mba ho matihanina tanteraka ka afaka hiasa haingana sy manara-penitra ao anatin'ny fotoana ara-dalàna. Ezahina hatrany ny hanatsara ny kalitaon'ny asa atolotra, ary tsy atao ambanin-javatra ny fahaizana mifanerasera amin'ny sampan-draharaha hafa . Tsy ho vita izany rehetra izany raha tsy misy ny firaisan-kinan'ny mpiara-miasa izay isaorako etoana amin'ny fanohanana maro isankarazany. « Toy ny mpirahalahy mianala tanteraka izahay, izaho tokin'izy ireo ary izy ireo tokiko ».

Farany dia mirary ny soa sy ny tsara ho antsika mpiara-miasa rehetra ny tenako amin'ity taona vaovao ity. Enga anie ka ho taona zina sy taom-pahombiazana ho an'ny rehetra ny taona 2011, homen'Andriamanitra hery sy tanjaka anie isika hahafahana miatrika ny adidy mavesatra miandry.

▲ Nangonin'i Yves RAKOTO

# Rakotonirainy Jean Pascal : Mila traikefa be ny asan'ny Payeur Général



**Handeha hisotro ronono ny 03 Febroary 2011 ho avy izao ny Payeur Général d'Antananarivo teo aloha, Rakotonirainy Jean Pascal, rehefa nitana ity andraikitra ity nandritra ny efa-taona, ary nahavita 35 taona teto anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana. Toy izao ny lalana sy dingana nodiaviny nandritra io fe-potoana io araka ny dinidinika nifanaovanay taminy.**

Ireo traikefa maro notovoziko tany amin'ny Faritany, nandritra ny taona maro, no nanomezan'ny lehibe fitokisana ahy ka nanendreny ahy hitantana ny andraikitry ny Payeur Général. Ny 07 Aogositra 1975 no niditra niasa voalohany tao amin'ny Trésor Antsiranana ny tenako. Contrôleur du Trésor aho tamin'izany. Tsara dia tsara tokoa ny nanombohako niasa tany amin'ny Faritany satria raha mbola mpiana-draharaha ny tena dia efa nampiandraiketina ny asan'ny sampan-draharaha rehetra, toy ny « recouvrement, VISA dépenses, centralisation des opérations, caissier, transfert…

Ny volana Aogositra 1984 aho no afaka Inspecteur du Trésor. Izaho no voalohany tamin'ireo efatra voaray tamin'ny fifaninanana. Nandeha niofana tany amin'ny « Ecole Nationale des Services du Trésor » tao Noisel Paris aho. Voatendry ho « Fondé de Pouvoir » tao amin'ny Trésor Antsiranana indray ny 1989 raha vao tafaverina avy tany am-pita. Voaantso ho DAF-n'ny Oniversite Antsiranana, ny volana Aogositra 1989 hatramin'ny Desambra 1992. Voatendry ho Trésorier Principal tao amin'ny Trésor Toliara ny Janoary 1993 hatramin'ny Aogositra 1995. Nantsoina ho Directeur des Opérations Financières teto Antananarivo ny Septambra 1995 hatramin'ny Martsa 2006. Tamin'izany no nisahana ireo Sociétés d'Etat, ny FINEX (Financements Exterieurs), ny fisintahan'ny Banky…

**Fandoavana ny 85 %-n'ny « Dépenses Publiques »**

